# Fibebahana

**OLANA A**

## Tsy azoko antoka hoe tena ilaina ny mibebaka.

- Inona avy no soratra masina na fitsipika avy ao amin'ny Môzià 26, na soratra masina hafa, azonao zaraina ka mety hanampy amin'io ahiahy io?

Tsarovy fa i Almà tenany dia nanao fahotana goavana tany aloha teo amin'ny fiainany ary nibebaka sy nandray famelan-keloka tamin'ny alalan'i Jesoa Kristy Mpamonjy (jereo ny Môzià 11:5–7; 18:1–3; 26:15, 20).

- Inona araka ny eritreritrao no azon'i Almà zaraina amin'ny olona iray manana io ahiahy io?

Saintsaino ny zavatra niainanao na ireo olona fantatrao rehefa nitodika tamin'i Jesoa Kristy Mpamonjy tamin'ny alalan'ny fibebahana ianareo.

**OLANA B**

## Nahoana no tsy maintsy mibaboka ny fahotako aho? Fa maninona no tsy maintsy ibabohana amina mpitarika ao amin'ny fisoronana ny fahotana sasany?

Niteny tamin'i Almà ny Tompo fa ireo izay nanota dia mila "miaiky ny fahotany eo anatrehanao [Almà, izay mpitarika azy ireo ao amin'ny fisoronana] sy eo anatrehako [ny Tompo]" (Môzià 26:29).

- Satria efa fantatry ny Tompo ny fahotantsika, dia nahoana no zava-dehibe ny hiaikena izany eo anatrehany? Ahoana no hitahian'izany ny fiainantsika?

Vakio ireto teny nambara manaraka ireto izay nalaina avy amin'ny kiboky *Ho zatovo mahery!* sy ny Loholona C. Scott Grow, Fitopololahy Manampahefana Ambony nisaorana am-boninahitra, ary mitadiava hevi-baovao momba ny fotoana sy ny antony tokony hibabohantsika amina eveka na filohan'ny sampana.



> [Ny Eveka dia manana zo] hahazo fanambarana avy amin'ny Fanahy Masina mikasika ireo mpikambana ao amin'ny paroasiny, ao anatin'izany ianao. . . . Afaka manome fanampiana anao [izy] mandritra ny dingan'ny fibebahana amin'ny fomba tsy azon'ireo ray aman-dreninao na ireo mpitarika hafa omena anao. . . .
>
> [Raha tsy mibaboka isika] dia manohy mitondra ny enta-mavesatry ny fahotana irery . . . fa tsy mamela ny Tompo hanaisotra ilay enta-mavesatra. (C. Scott Grow, "Nahoana aho no mila manao fibabohana any amin'ny evekako ary inona avy ny zavatra ilaiko ibabohana? *Liahona*, ôkt. 2013, 28–29)

- Ahoana no ahafahan'io teny nambara io manampy ny olona iray amin'ireo ahiahy momba ny fibabohana amin'ny mpitarika azy ao amin'ny fisoronana?

**OLANA D**

## Nanota be loatra aho ka tsy hamela ahy ny Tompo.

- Ahoana no ahafahan'ny tenin'ny Tompo ao amin'ny Môzià 26:29–30 manampy amin'io ahiahy io? (Azonao heverina ihany koa ny handalina ny 1 Timoty 1:15; 1 Jaona 1:9; na ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 18:10–12; 58:42–43.)

- Inona ny tantara ao amin'ny soratra masina momba ny Mpamonjy maneho ny fihetseham-pony momba ireo izay miezaka mafy mibebaka sy ny fahavononany hamela heloka?

**OLANA E**

## Ny safidinao

Mieritrereta ahiahy na fanontaniana hafa maneho zavatra tena misy mety hananan'ny olona iray momba ny fibebahana. Halalino ny hoe "Fibebahana" na "Miaiky" ao amin'ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina (scriptures.ChurchofJesusChrist.org), hitadiavana fahamarinana izay mety hanampy. Azonao atao ihany koa ny mamerina mijery ny soratra masina mifandray amin'ny "Mibebaka, Fibebahana" na ny "Miaiky" ao amin'ny Torolalalana ho an'ny Soratra Masina (ChurchofJesusChrist.org). Mety hilaina ihany koa ny handalinana ny hoe "fibebahana" ao amin'ny kiboky *Ho zatovo mahery!* sy hisaintsainana ny zavatra fantatrao momba ny Tompo ka mety hanampy.

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

© 2023 an'ny Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved.

PD60013873_654_221-teacher_handout-1